20–26 APRILY

## Môzià 4–6

# Midika inona ny hoe manana ny anaran'i Kristy voasoratra ao am-pontsika?

Antsoina amin'ny anarana maro ny olona ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, ary ny Nefita, ny Lamanita, ary ny Antia-Nefia-Lehia dia vitsivitsy amin'izany fotsiny. Ny Mpanjaka Benjamina anefa dia naniry ny hiantsoana ny vahoakany tamin'ny anarana manan-danja sy masina kokoa, dia ny anaran'i Jesoa Kristy izany.

Izao no fomba azontsika hihazonana ny anaran'ny Mpamonjy ho "voasoratra mandrakariva ao ampo[ntsika]" (Môzià 5:12):



### FANEKEMPIHAVANANA AMIN'NY ALALAN'NY BATISA

Rehefa atao batisa isika dia manao fanekempihavanana amin' Andriamanitra ny hitondra eo amintsika ny anaran'i Kristy. Inona no dikan'izany araka ny eritreritrao? (Jereo ny Môzià 18:8–9.)

### MANDRAY NY FANASAN'NY TOMPO

Didina isika ny handray amimpahamendrehana ny fanasan'ny Tompo isankerinandro. Mandritra ny fanasan'ny Tompo dia manavao indray ny fanekempihavanantsika mba hitondra eo amintsika ny anaran'i Jesoa Kristy isika (jereo ny Môrônia 4:3).

### MITONDRA TENA TOY NY MPIANATR'I KRISTY

Mitaky ny hitandremantsika ny didy ireo fanekempihavanana nataontsika. Tokony hahitana taratra ny faniriantsika hanaraka an'i Kristy sy ho tonga tahaka Azy ny asa ataontsika. Raha manao izany isika dia afaka ny ho antsoina amin'ny anarany hatrany. Toy izany no fomba ahafahantsika *mihazona* ny anaran'i Kristy ho voasoratra ao am-pontsika (jereo ny Môzià 5:12).

**FIFANAKALOZAN-KEVITRA**
Inona no ataonao isan'andro mba hakana antoka fa mihazona ny anaran'i Kristy ho voasoratra ao am-ponao ianao?

**HERINANDRO 4**

SARY NATAON'I BRYAN BEACH